MINISTERE DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR
ET DE LA RECHERCHE SCIENTIFIQUE
SECRETARIAT GENERAL
DIRECTION GENERALE DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR
**DIRECTION DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR PUBLIC et PRIVE**
Service d'Appui au Baccalauréat

BACCALAUREAT DE L'ENSEIGNEMENT GENERAL

*SESSION 2014*

A

**Série** : A
**Code matière** : 005

**Epreuve de** : MALAGASY
**Durée** : 03H30
**Coefficient** : 4

<u>N.B</u>: -Tsy maintsy atao ny laza adina I
-Isafidianana ny laza adina II

## <u>LAZA ADINA I</u>: Tsy maintsy atao (isa 6)

1)- Manomeza tara-kevitra telo (03) fiventin'i Samuel RATANY ao amin'ny asa sorany.

2)- Misy ambaratonga telo (03) ny fananam-panahy.
Inona avy izy ireo?

## <u>LAZA ADINA II</u>: Isafidianana ny A sy B (isa 14)

### A-<u>FAMAKAFAKAN-KEVITRA</u>

Hoy ny mpandinika iray:
«Ny literatiora!...mitaiza ny olona ho any amin'ny tontolon'ny nofinofy ».
Fakafakao sy tsikerao.

### B- <u>FANADIHADIANA LAHATSORATRA</u>

Na niolaka atsy na nivadika aroa, mitotototo foana ilay fanahin'ny Malagasy nila vonjy sy fitahiana, fa ny faran'ny tokiny Andriananahary ihany !(...).Tsy afaka tamin'ny eritreriny na oviana na oviana Andriananahary. Zovy moa no afa-mihodivitra an'Andriananahary? Mamono eritreritra ny firenena mihambo tsy hivavaka aminy: mitady tsy ho olona ireny, fa manao azy ho Andriamanitra angamba na ho biby ? Fantatro anefa fa tsy izay adala minia mikimpy no hahafoana iry masoandro iry; ary tazano fa ireo miavona manao tsy hivavaka aminy ireo indrindra no midi-kizo amin'ny finoanoam-poana maizina sy mahatsikaiky .

Raha ny Malagasy dia tsy nihambahamba izy ny hiondrika sy hibaboka tongotra amantanana teo am-paladian'ny Tompon'ny lahatra. Ary tsy niala teo izany (...). Andriamanitra tokoa no(...) voalohan-teny sy faran-tenin'ny filôzôfia malagasy.

Rév .P. RAHAJARIZAFY, in <u>Filôzôfia malagasy</u> tak.90.

Hadihadio io lahatsoratra io.

* * * * * * * * * * * * * * * * * * * * * * * * * * * * *